## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ho tonga malahelo ny miraviravy tànana amin'ny asany; fa mampanan-karena ny tànan'ny mazoto."*
***Ohabolana 10:4***

### Basket Ankoay 3x3 lahy sy vavy

## Nahazo fanomezana ara-bola 12 tapitrisa Ar

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny talata 06 desambra 2022 ny Ankoay 3x3 Lahy sy vavy, avy niatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika eo amin'ny taranja Basketball 3×3 notanterahana tany le Caire, Egypte ka notsenaina am-boninahitra sy tamin' ny fitsofana mozika teto Antananarivo. Nitarika an' izany fitsenana makotroka izany teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ka hatreny amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina ny minisitry ny fanatanjahantena Malagasy izay niarahaba manokana an'ireo Athleta sy ny mpanazatra izay nitondra avo ny voninahi-pirenena nandritra izany fifaninanana izany, toy izay natrehany tamin' ny taona 2019 ihany koa ary niarahaba manokana



*Ankoay lehilahy tompondakan'i Afrika.*

ihany koa ny Federasiona Malagasy ny taranja Basket- ball amin'izao vokatra tsara azo izao. Tsy tongatonga ho azy «par hasard » izao fandresena azontsika izao, hoy ny filohan' ny FMBB teny Ivato, fa vokatry ny ezaka natao efa hatrany amin'ny taona 2014-2015 ary vokatry ny fiaraha-miasan'ny rafitra rehetra eto amin'ny firenena. Nahazo "PRIME de RECONNAISSANCE" nitentina 8 tapitrisa Ar avy amin'ny FMBB ny delegasiôna rehetra nandeha tany Egypte ary nahazo 2 tapitrisa Ar avy kosa avy amin'ny minisitera MJS kosa ireo ekipa Ankoay 3X3 lahy sy vavy.

***Rainilita***

### Zoma 9 sy sabotsy 10 desambra

## Fantaro ireo lalao ¼-dalana rehetra amin'ny Mondial 2022

Fantatra avokoa ireo hiatrika ny ¼-dalan'ny baolina kitra, amin'ny fifaninanana « Fifa World Cup 2022 », ka i Maroc sy Portugal no firenena farany tafita hiatrika an'izany rehefa avy nandresy avy an'i Espagne 0 (3) – 0 (0) sy Suisse 6-1 tamin'ny talata 06 desambra 2022 lasa teo. Ny "Lions d'Atlas" Maraokana izany no hany ekipa Afrikana tafita hiatrika an'izany ¼-dalana izany amin'ity fifaninanana ity ary ny ekipa Espaniôla no ekipa "Favoris" nihintsana farany teo amin'ny lalao ampahavalon-dalana. Niala sasatra kely aloha ireo ekipa mbola handray anjara amin'ny 1/4-dalana omaly alarobia 07 sy anio alakamisy 08 desambra 2022. Fandaharan-dalao fenon' ny 1/4-dalana :

**Zoma 09 desambra 2022:**
18:00- Croatie # Brésil any amin'ny kianja « stade Education City de Doha »,
22:00- Pays-Bas # Argentine any amin'ny kianja « stade de Lusail ».

**Sabotsy 10 desambra 2022**
18 :00- Maroc # Portugal any amin'ny kianja « Al Thumama Stadium de Doha »,
22 :00- Angleterre # France any amin'ny kianja «stade Al Bayt de Al-Khor».

***Rainilita***





*Ny "Lions d'Atlas" Maroc sy i Portugal.*

### Rugby Makis sy La Réunion

## Etsy amin'ny kianja Makis amin'ny sabotsy sy alahady izao



*Mpilalao rugby Réunionais.*

Hanatanteraka lalao ara-piralahiana etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, amin'ny sabotsy 10 sy alahady 11 desambra 2022 ho avy izao, ireo ekipa mpanao rugby avy atsy La Réunion sy ny ekipa Makis lahy sy vavy. Fandaharan-dalao amin'ny sabotsy sy alahady : sabotsy 10 desambra 2022 11:00-Makis 7s # La Réunion vehivavy Alahady 11 desambra 2022 09:00-Cea Andranomanalina # Ftba (Match amical), 11;00-Ftat # Fbm Bemasoandro (Match Top 20), 13:00-Tam Anosibe # Scb Besarety (Match Top 20), 14:30-Makis 7s # La Réunion (Rugby à 7 Féminin).

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy saosety** indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo soa azo avy amin'ny ronono sy tamotamo

Ireo soa azo avy amin'ny ronono sy ny tamotamo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala ny manaintaina izany, manala kohoka, iaro amin'ny cancer n any homamiadana, tsara ho an'ny aty, manampy amin'ny torimaso, manadio rà. Fikarakarana azy: ronono 1 kaopy, tamotamo 1 sotro lehibe. Ampangotrahana miaraka dia sotroina tsy hasiana siramamy tsy tatavanina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Moramanga Suburbaine distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Moramanga Suburbaine, distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Moramanga Suburbaine ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any afovoan'ny atsimo andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.




